Faits Divers

AmpandranaVehivavy telo mpamaky trano Nandeha ny fanadihadian'ny zandary mikasika ny fikarohana heloka bevava (brigade de recherche) ary niafara tamin'ny fahafantarana izany fa fanaka malemy no tompon'andraikitra tamin'ity vakitrano iray. Toa izao ny zava-nitranga, nisy namaky ny trano iray teny Ampandrana-atsinanana ny alin’ny 12 hifoha 13 novambra lasa teo. Marobe ny entana izay lasa tao anatin'izany asa ratsy izany. Nampandre sampana fikarohana heloka bevava etsy Fiadanana avy hatrany ny tompon-trano. Nanokatra fanadihadiana ireo mpitandro ny filaminana ary tonga hatramin'ny fisavana ire trano teo amin'ny manodidina izany. Nisy rahateo ny olona nahiahian'ny tompon-trano avy hatrany. Nivoaka tsikelikely tao anatin'izay ireo entana very. Isan'izany ny akanjo fitafy maro, ny labatatra fasiana fahitalavitra, ny “table basse”, eny hatramin'ny kidoro “éponge” aza. Vehivavy telo no voarohirohy voalohany ho tompon'andraikitra tamin'ny vakitrano. Natolotra ny Fampanoavana izy ireo ny 17 novambra lasa teo ka tapa-kevitra ny mpitsara ny hametraka ny roa tamin'izy ireo eny Antanimora aloha mandra-piandry ny fotoam-pitsarana. Raha araka ny fanamarihan'ny mpanao fahadihadiana dia mbola misy olona maromaro karohina rehefa voarohirohy ho mpiray antoka amin'ity raharaha vaky trano ity. Vehivavy mamaky trano, taratry ny fahantrana mihoapampana ve sa kosa taratry ny...fitovian-jo? Anjaran'ny tsirairay no mieritreritra...D.R Lire aussiAmbohidratrimo : Telo lahy tsy ampy taona nahafaty olona
Betafo : Jiolahy mitam-basy 7 tratran’ny zandary
Sambava : Notapahina ny tongotr'ilay jiolahy
Lehilahy misoloky sady mandrahona ho faty